# San Pedro - La Florida



**A**o amin'ny paroasy « Andriamanitra Mpamonjy » sy amin'ireo lasapely miankina aminy, notanterahana ny Sabotsy 27 avrily ny fetin'ny quasimodo (fety malaza any Chili). Namangy marary tany an-tokantranony ary nihaona tamin'ireo izay tsy afaka mankany am-piangoanana na ny lasapeliny intsony.
Tena traikefa lehibe ny nahita ireo marary sy ny fianakaviany miandry ny Tompo ao an-tranony amin-kafaliana lehibe sy fahanginana ; nanaitra anay ny finoan'izy ireo, ny hafaliany nandray anjara, nivavaka, nihira niaraka amin'ireo olona nanotrona ny Pretra.

Masera María Elena Vega



